coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Cofinancé par l'Union européenne

# FAMBOLENA KARAZAM-BILONA
# Brachiaria sy Panicum

## Ny Brahiaria



## Ny Panicum




Samy karazam-bilona lava ravina (graminées), lalim-paka, mety mahatratra 1,50 m ny hahavon'ny ravina, maintso lalandava raha voakojakoja (avaina, jinjaina na andefasana omby rehefa lehibe)

## Tombony

- Ahazoana vilona betsaka mandavan-taona,
- Tsara ny vilona azo aminy,
- Mamono ny ahi-dratsy izy rehefa maniry tsara,
- Miaro ny tany amin'ny riaka.

## Fomba fambolena azy ireo

Azo **afafy**, raha vao mando ny tany,
Voa madinitra tsy atao lalina ny fafy




Azo **afindra** koa ny **zana-paka** efa matoy (feno 4 na 5 ravina)



30 cm * 50 cm no elanelany

Ambezo 6 hatramin'ny 8 kg isaky ny ha no ilaina

## Tany mety azy ireo

- Mety amin'ny karazan-tany rehetra,
- Miadam-pitombo raha tany manta,
- Mila hamandoana nefa tsy mahazaka tany miandron-drano ela.

## Fikojakojana

- Avaina rehefa feno 2 volana
- Arovana amin'ny omby, bengy, ondrikondrika raha tsy mbola matoy
- Jinjaina na andefana omby rehefa lehibe

## Fampiasana ny vilona

- Afaka andefasana omby rehefa hita fa mafy fotorana tsara
- Azo hanapahana rehefa feno herintaona nefa tsy mbola mafy ongotana
- Tsy tapahina ambany loatra,



Version v1

*Crédits photographiques : ECO Consult*

*Produit par le projet ProSol à Madagascar*